Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ny nampitsaharan'i Jesoa ny tafio-drivotra

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Janie Forest

Nampifanarahin'i: Ruth Klassen

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2016 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.



Raha mbola tao anaty sambokely i Jesoa sy ny mpianany dia indro nisy tafio-drivotra nitsoka mafy tampoka. Nanonja be noho izany ny ranomasin'i Galilia. Mety hiteraka fahadoboana sy fahafatesana anaty rano mihintsy ny tafio-drivotra tahak'izany.

Natahotra noho izany ny mpianatra. Efa nihoatra ny sambokely ny hahavon'ny onja, ka efa saika difotry ny rano mihitsy ilay sambokely.

Fa Jesoa natory ka tsy naheno n'inona na inona. Natahotra ireo mpianatra ary namoha azy ka nanao hoe: Tompoko, Tompoko, vonjeo fa maty izahay!

“Fa maninona no matahotra ianareo ry olona kely finoana?” hoy Jesoa tamin’ny mpianany. Dia nitsangana Izy, ka noteneniny mafy ny rivotra sy ny ranomasina mba hangina ...

DIA TONGA TONY NY RIVOTRA ... SADY NILAMINA NY RANOMASINA.



Talanjona ny mpianatra nahita izany ka nanao hoe: “Lehilahy iza loatra re Ity e? Fa na ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy.”



Tao aoriana kelin'io, nisy olona 5000 teo ho eo nanaraka an'i Jesoa tany amin'ny tany maina iray.

Noho ny herin'Andriamanitra dia
afaka nanome sakafo ireo olona marobe
ireo Jesoa, tamin'ny alalan'ny mofon'ny
zazalahy kely iray. Rehefa
hariva ny andro dia
nalefan'I Jesoa
nody ny olona.

Na ireo mpianatra koa aza dia tsy maintsy nandao azy. Nasain'i Jesoa niondrana mialoha an-tsambokely izy ireo, ary hiandry azy ery ampita.



Rehefa
lasa izy rehetra
dia namonjy
toerana teny
an-tendrombohitra
Jesoa mba
hivavaka. Tsy
nisy olona afa-tsy
izy irery teo
amin'ilay
toerana.

Teny ambony rano, tratran'ny tafio-drivotra indray ny sambokelin'ireo mpianatra. Tsy nety tafampita mihintsy izy ireo na dia efa ela aza no niainga.

Tsy fantatry ny mpianatra, fa hisy fahagagana lehibe miandry azy ireo.

Teo anelanelan'ny tamin'ny telo sy enina ora maraina teo ho eo, tao anatin'ny rivotra be, nahita zavatra nanatona azy ireo moramora ka nampitahotra azy ireto mpianatra. "Matoatoa io" hoy izy ireo nihiaka.

Hay Jesoa,
ilay tamy
nanatona
azy ireo,
NANDEHA
TAMBONY
RANO.

Hoy Jesoa taminy:
"Aza matahotra,
Izaho ihany ity!"
Namaly azy Petera ka
nanao hoe: "Tompoko,
raha ianao marina
tokoa io, asaivo
manantona anao eny
ambony rano aho",
"Avia manatona" hoy
Jesoa. Dia nivoaka
ny sambokely i
Petera ka tsy
nisalasala nanatona
an'I Jesoa.

Saingy vao hitany fa nihamafy ny rivotra, dia raiki-tahotra indrindra izy ary nanomboka nilentika. Nikikiaka mafy izy hoe: “Tompo, vonjeo aho”.

Natolon'i Jesoa azy ny tanany, ary noraisiny izy ka hoy Izy taminy "Ry lehilahy kely finoana, nahoana no be fanahiana ianao?" Dia niondrana tao an-tsambokely izy ireo ary niaraka tamin'izay dia nitsahatra ny rivotra.

Nankalaza an'i Jesoa avokoa izy rehetra tao anaty sambokely noho izany ary niteny hoe: "Zanak'Andriamanitra marina tokoa ianao".

Ny nampitsaharan'i Jesoa ny tafio-drivotra

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Matio 8 sy 14; Marka 4; Lioka 8

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16